
Maurice Tsihiavonana Ramanandraibe

Raha tsiahivina dia ny alin'ny 13 May hifoha 14 May 2018 dia hita maty nisy namono tao amin'ny « *salon* » ao an-tranon'i Maurice Tsihiavonana, mpanao gazety an etsy Nanisana Ambatobe, ny vatana mangatsiaka miosindrà an'i Maurice Rakotomalala.


**FILAZANA MANJO**

Amin'ny finoana sy fanantenana ny fitsanganan'ny maty no ilazanay fa ny hava-malalanay :

**RAKOTOMALALA**
**Maurice**

dia niamboho ny 13 Mai 2018 rehefa nivahiny 65 taona teto an-tany

**Hoy ny vadiny**: - RAZAFINDRAKOTO JACKIE
**Ny zanany** : - RAKOTOMALALA Nomenjanahary Jean Charles sy Mamisoa
- RAKOTOMALALA Andrianiaina Michaël
- RAKOTOMALALA Andrianjakatiana Jéremia
- RAKOTOMALALA Hobinirina Elia
- RAKOTOMALALA Manouella
**Ny zafiny** : Aina-Elika-Mirindra

Tsy mazava mihitsy hatreto ny tena antony nahafaty azy tao amin'io trano ambany io.


Tato amin'ity tranon'i Maurice Tsihiavonana, ao Nanisana Ambatobe no nahitana ny razan'i Maurice Rakotomalala

Noho izany dia nametraka fitoriana ny fianakaviany. Io ambany io ilay taratasy nalefa tany amin'ny Zandarimaria nasionaly mpanao famotorana ao Betongolo.

Antananarivo, faha-29 May 2018

**Ho**
**an'Andriamatoa**
**Lehiben'ny**
**Brigady Mpanao**
**Famotorana**
**Betongolo Tana Ville**
**Antananarivo 101**

**Antony** : Fitoriana

Tompoko,

Voninahitra ho anay zanak'Itompokolahy RAKOTOMALALA Maurice sy ny anabaviny izay voalaza anarana eto ambany:

RASOANOROMALALA Pauline (Solotenan'ny Fianakaviana)
RAKOTOMALALA Holy Mamisoa
RAKOTOMALALA Andrianiaina Michael
RAKOTOMALALA Andrianjakatiana Jéremia
RAKOTOMALALA Hobinirina Elia

no mametraka izao fitoriana izao noho ny famonoana ny rainay RAKOTOMALALA Maurice tamin'ny fomba feno habibiana, ary tena mamoehatra tsy mandala intsony Soatoavina mahamalagasy. hita faty nitsitra teo amin'ny tany tao an-tokantranon'i Maurice Tsihavonana mirahalahy tetsy Nanisana Antananarivo ny Alahady 13 May 2018.

Nambara fa novelezina tamin'ny "bois rond" sy nosemporana tamin'ny "coussin" ny lohany no antony ka namoizan' ny dadanay ny ainy. Ny zanany vavy niaraka tamin'ny mpamiliny no nampandre ka nanambara ny antony nahafatesan'ny dadanay teny Itaosy tamin'ny 7ora sy 10mn maraina ny Alahady 13 May 2018 .

I Ramatoa RAZAFINDRAKOTO Jackie vady nisoratany vao enim-bolana lasa , izay nifankafantatra tamin'ny Maurice Tsihavonana hatramin'ny ela nialoha ny nahafantarany an'ny dadanay, efa mpisakafo (clients) matetika ao amin'ny trano fisakafoanana izay an'ny zanany ao Toamasina ry Maurice Tsihavonana ireto. Mbola ity ramatoa vadiny ity ihany no nandray ny antson'ny dadanay farany ny harivan'ny Sabotsy 12 May 2018 tamin'ny 7 ora harivasy nilazany fa tsy ho tafody any Itaos intsony I dadanay, ary nahalala koa fa very tao anaty sprinter fiara noentin'ny dadanay ireo finday roa niaraka tamin'ny solomaso ireo ihany no tsy hita popoka raha nihohoka teo ambony sezan'ilay sprinter ny kitapo fitondra ny dadanay isan'andro.

Ambaranay fa olona tsongon'olom-bolo teo amin'ny fiaraha- monina I Dada nanditra ny taona maro, tsy nanana fahavalo velively kanefa dia nohetraketrahana tamin'ny fomba mamoehatra ka nandaozany tsy fidiny ireto zanak''aman-jafiny ary reharehan'ny fianakaviana manontolo ny dadanay.

Koa mametraka ity fitoriana ity ary mitana an'I Maurice Tsihavonana mianakavy tamin'ny nahafatesan'ny dadanay tao amin'ny trano fonenan'ny Maurice Tsihavonana izay tamin'ny fomba feno habibiana izahay zanany miaraka amin'ny Fianakaviana Manontolo.

Ary mitana an-dRamatoa Razafindrakoto Jackie vadin'Itompokolahy Rakotomalala Maurice ho isan'ny mpiray tsikombakomba tamin'ny fanomanana ny paika famonoana an'ny dadanay.

Koa mangataka izahay zanany miaraka amin'ny Fianakaviana Manontolo ny hanokafana ny fanadihadiana lalina sy mangataka ireo antso rehetra tamin'ireo finday roa izay very nifanaovana tamin'I dadanay. Ary mirary ny hahitana ny marina mikasika ity raharaha ity hatramin'ny farany.

Ankoatr'izay mbola ho ambara.

Raiso,Tompoko ny haja ambony atolotra Anareo.

**Ny Mpitory**

**RASOANOROMALALA Pauline (Solotenan'ny Fianakaviana)**

**RAKOTOMALALA Holy Mamisoa**

**RAKOTOMALALA Andrianiaina Michael**

**RAKOTOMALALA Andrianjakatiana Jéremia**

**RAKOTOMALALA Hobinirina Elia**

**www.madagate.org**